KABARIN'NY FILOHAM-PIRENENA HO FAMARANANA NY TAONA 2001

(Iavoloha, ny 31 desambra 2001)

An'Andriamanitra ny Fanjakana !

Ry vahoaka Malagasy mpiray Tanindrazana amiko !

Amin-kafaliana lehibe, amin-karavoana mitafotafo tokoa no itsidihako anareo isan-tokonam-baravarana amin'izao ankatoky ny Asaramanitra izao, dia ny fanaovam-beloma ny taona 2001 (iraka amby roa arivo) madiva hisoka ity, sy ny fitsenana ary fandraisana ny taom-baovao 2002 (roa sy roa arivo) mandodom-baravarana ka atao mandrosoa, karibo, tonga soa.

Arahaba Tompokolahy, arahaba Tompokovavy, tsy maty fo aman'aina, ka mbola velona soa aman-tsara noho ny fitahian-janahary. Ny andon'ny lanitra sy ny tsiron'ny tany anie omba antsika tsy misara-mianakavy.

Ny vato hono misy silany, ny hazo misy ovany, ary ny taona kosa misy farany.

Koa rariny loatra sy hitsiny tokoa raha manao lanonana, mifampiarahaba ny samy mpianakavy, ny samy mpiray donak'afo, ny samy mpiray Tanindrazana, eny fa na ny tsy mpiray Tanindrazana amintsika aza dia arahabaintsika avokoa.

Manaraka izany dia mamelà ahy ianareo anombina fotoana kely amin'ity andro takariva sarobidy aminareo ity, satria heverinay fa misy zavatra vitsivitsy no tsara sy mendrika ho tsiahivina ihany.

« L'assurance ne coûte cher qu'avant l'accident. Mieux vaut prévenir que guérir ! Et, la liberté, dit-on, on ne l'apprécie vraiment que quand on l'a perdue, mais alors, il est trop tard ! Il en est de même de la paix, de la stabilité, de la concorde, de la cohésion nationale et de la croissance ». Or cette liberté-là, cette paix-là, cette concorde-là, cette cohésion nationale-là, cette stabilité-là et cette croissance nationale-là, sont une réalité vivante dans notre pays aujourd'hui et que beaucoup de nations de par le monde nous envient.

Aleo tokoa mampitandrina sy misoroka toy izay manasitrana, hono; Ary marina sy mitombina ary mitoetra izany, na amin'ny lafiny aretina, na amin'ny lafiny ara-ekonomia na amin'ny lafiny ara-politika na amin'ny lafiny ara-tsosialy.

Mbola hisy moa fotoana lavalava sy bebe kokoa hahafahantsika mamakafaka lalindalina kokoa ny momba izany.

Fa ny tian-kambara anio dia ity : ny ankamaroan'ny Firenena eran-tany any ivelany any dia mitsiriritra ny fahafahana, ny firaisankina, ny filaminana, ny fisondrotry ny harin-karena misy eto amintsika, torak'izany koa ny fandriampahalemana sy ny fifanomezan-tànana iainantsika eto Madagasikara.

Ka lazainay eto ho ren-tany, ren-danitra, fa isaoranay ny Malagasy rehetra tsy vaky volo, angady nananana sy vy nahitàna, nitoto nahafotsy sy nahandro nahamasaka an'izany zava-tsarobidy izany.

Filaminana, fandriampahalemana, fifanomezan-tànana, firaisankina, zava-tsarobidy tokoa izany ka tokony arovana toy ny anakandriamaso.

Tonga ara-bakiteny amin'ilay fitenenana hoe « TSY AGNIRY OLONA FA HIRIN'OLONA ity Madagasikara malalantsika ity ankehitrio.

Isaorantsika an-Janahary izany.

Izany fiarenan-dohan'ny toekarena izany no nahazoantsika nampiakatra 25 % ny « valeur »-n'ny « point d'indice » tamin'ny volana Janoary 2001 lasa iny.

Izany ihany koa no ahazoantsika mampiakatra ny karaman'ny Fonksionera, na inona sokajy misy azy na inona, 41.000 iraimbilanja (roanjato sy valo arivo ariary) isam-bolana manomboka amin'ny Janoary 2002.

Izany fiarenan-dohan'ny toe-karem-pirenentsika izany, izany fiakatry ny hari-karem-pirenentsika izany ihany koa, no ahafahantsika mampisondrotra 21.000 iraimbilanja (roanjato sy efatra arivo ariary) isam-bolana ny zavatra raisin'ny Fonksionera na mpiasam-panjakana misotro ronono manomboka ny volana Janoary 2002.

Manomboka rahampitso (1er Janoary 2002) dia ampidinina ihany koa, raha ny tena marina, ampidinina indray ny vidin'ny solitany eto Madagasikara ka ny «essence super» dia 5.000 FMG ny litatra, ny «essence tsotra» dia 4.010 FMG ny litatra, ny «Gas-Oil» dia 2.720 FMG ny litatra ary ny «pétrole» dia 2.320 FMG ny litatra, ary efa in-telo isika no nampidina ny vidin'ny solitany tamin'ity taona 2001 ity.

Ry vahoaka Malagasy,

Tsy misy ady an-trano eto Madagasikara. Ny Foko rehetra, ny Silamo sy ny Kristianina rehetra dia miara-monina tsy misy raorao eto anivon'ny Firenentsika. Isaorana an-Janahary izany, isaorana ny Malagasy tsy vaky volo.

Hafa noho izany anefa ary mampalahelo ny zava-mitranga any ivelany any : adim-poko, korontana isan-karazany, no manjaka manerana an'izao tontolo izao mihitsy aza, na any Afrika izany, na any Azia, na any Eoropa, na any Amerika latina.

Ka ny firariantsoa sy fiarahabàna lehibe indrindra atolotray, amin'ny maha Filoham-pirenena, Ray aman-dRenin'ny Malagasy rehetra anay, anio dia ny mba hitohizan'izany tsy misy tomika ao anatin'ny firaisam-pirenena, firaisankina tanteraka ary fifanomezan-tànana ho reharehan'i Madagasikara, ho reharehan'ny Malagasy.

Ry vahoaka malagasy,

Ny fitiavan-tanindrazana mipololotra avy ato am-ponay no nanosika anay hirotsaka hofidina Prezidan'ny Repoblika indray.

Satria nahoana moa ?

Satria nanahy koa izahay raha nanahy fa misy antokon'olona mikasa hampifandrafy ny samy Malagasy amin'ny alalàn'ny tetika maizina samihafa tao ho ao.

Nisy mihitsy aza ny filazana hoe tsy ny fifidianana no tadiavinay na ataonay fa fanonganana an-dRATSIRAKA. Sady marary, no mampalahelo sy mahamenatra toy ny tongo-bakivaky ny mahare izany feo feno fankahalàna tsy an'antony izany.

Ry vahoaka Malagasy havana,

Mbola izany ankolafin'olona izany ihany no tsy mataho-tody ka manao tsimbadiboanampotsy, mamadika ny marina, manambara hoe : « i RATSIRAKA tsy hanaiky mihitsy ny voka-pifidianana fa hanangana korontana, sanatria anie izany, na adim-poko, sanatria anie izany, noho ny fitiavan-tseza ».

Ry vahoaka Malagasy havana,

Miala tsiny Tompokovavy, miala fondro Tompokolahy, tsy marina velively izany !

Adinon'ny sasany sahady ve fa folo taona latsaka kely izay, resy tamin'ny fifidianana i Didier RATSIRAKA ; Dia nanaja tena, nanaiky ny voka-pifidianana, tamin'ny 1992 – 1993, ka nandefa taratsy fiarahabàna an'i « Président » ZAFY Albert ary niangavy amim-panajàna an'Andriamatoa « Président»-n'ny HCC na Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana tamin'izany fotoana izany, Andriamatoa Norbert Lala RATSIRAHONANA hamaky ny taratasy fiarahabàko ny Profesora ZAFY Albert ho ren-tany, ho ren-danitra ? Adino sahady ve izany sa mody adino? Izay ny fanontaniana apetrako amin'izao takariva izao.

Sao kosa lahy ireny olona tsy mataho-tody, tsy tan-dalàna ireny ihany no mety tsy hahatanty ny ho resy ka efa manomana sahady ny fanakorontanana ny Firenena (sanatria anie izany) na mikotrika sahady adim-poko eto Madagasikara (sanatria anie izany) ? Fomba mahazatra ny Fasista sy Nazi izany, Tompokovavy sy Tompokolahy fa tsy fomban-dRATSIRAKA velively, ka ny zavatra kotrehin'ny tena ihany no lazaina fa omanin'ny sasany !

Ry vahoaka Malagasy havana, mpiray Tanindrazana malala,

Marina fa indraindray tsy maharitra ny onjam-piainana ny vahoaka ka mora manadino ary araraotin'ny sasany koa, ka lasa mitsipa-doha ny laka-nitàna.

Ohatra telo no omena etoana isarihana ny saintsika rehetra :

- Ny Praiminisitra WINSTON CHURCHILL no nitondra ny vahoaka Anglisy teo amin'ny fandresena an'i ALEMAINA NAZIN'I HITLER, tamin'ny ady lehibe faharoa. Kanjo rehefa tonga ny fifidianana nanaraka, dia resy ingahy WINSTON CHURCHILL. Noho inona hoy ianao ? Noho ny fitadiavana fiovàna na fanovàna fe fanovàna ; Kanefa dia naverina tamin'ny toerany ihany ny Praiminisitra WINSTON CHURCHILL rehefa tonga ny zava-tsarotra niainan'ny Anglisy, tonga ny patsa iray tsy omby vava, tonga ny zavatra mafy tsy tantin'ny Anglisy tany Angletera;

- Faharoa : Torak'izany koa no nitranga tany Frantsa. Ny Jeneraly DE GAULLE no nitarika ny vahoaka Frantsay nanohitra ka nandresy an'i HITLER tamin'ny 1945, tamin'ny faran'ny ady lehibe faharoa. Kanefa nony tonga ny fifidianana tamin'ny 1946, dia resy ingahy DE GAULLE. Saingy izao : Nifanaritaka ny vahoaka Frantsay, tonga koa ilay patsa iray tsy omby vava, tonga ny « OAS », nanangasanga ny ady an-trano, tonga ny ady tany Alzeria, dia voatery tsy maintsy namerina an'i Jeneraly DE GAULLE ihany, 12 taona taty aoriana ny Frantsay, hitondra sy hitantana ny fanjakana frantsay.

Rehefa very fanahy mbola velona ny vahoaka dia tsy mihinana voa manadino izy ka

tsy adinony ireo mahery fo nitarika azy tamin'ny fandresena, tamin'ny ady lehibe faharoa.

- Fahatelo : Vao omaly no omaly ny mpanao politika tany Afghanistan dia nifanaritaka, niady an-trano, nisy adim-poko (guerre civile). Naongana ny Mpanjaka ZAHER SHAH, dia nikorontana sy nifamono ny mpiray tanindrazana nandritra ny roapolo taona maninjitra ; Kanjo, nony taty aoriana, tointoitra ka nahatsiaro tena ihany no niafaran'ny vahoaka Afghan ka niangavy izany mpanjaka ZAHER SHAH izany, izay efa 86 taona, mba hiditra an-tsehatra, hampifanatona indray ny samy Afghan, hamitrana indray ny fihavanana eo amin'ny samy vahoaka Afghan ;

Tsetsatsetra tsy aritra ihany izay, Tompokovavy sy Tompokolahy !

- Fahefatra sady fehiny, fa tsy latsa-danja, dia hoy izahay hoe :

Ry vahoaka Malagasy havana rehetra,

Vita iny ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika, ka manao antso avo ho antsika rehetra izahay amin'izao Asaramanitra izao mba hanaiky izay voka-pifidianana avoakan'ny Fitsaràna Avo momba ny Laläm-panorenana, izay hany Andry Tokana notendren'ny Lalampanorenana hanambara amin'ny fomba ofisialy ny Voka-pifidianana eto Madagasikara.

Sarobidy loatra ary nanaovantsika rehetra, Malagasy tsara sitra-po, ezaka ny fandrosoana, ny fandriampahalemana, ny filaminana, ny firaisankina misy eto Madagasikara ankehitrio izao, ka tsy maintsy arovana sy tandrovana amin'ny herintsika rehetra mba tsy ho voatointoina ka ho rava (sanatria anie izany), sao hanenenana ao aoriana kely ao.

Atsipy ny tady, hono, an-tandroky ny omby, atsipy ny teny ho an'ny mpahalala sy ny manan-tsaina, dia isika vahoaka Malagasy rehetra tsara sitra-po, tia Tanindrazana, ka am-bava homana, ry Malagasy havana, am-po mieritreritra, ry Malagasy malala.

Dia izany antso avo, ho ren-tany, ho ren-danitra izany, vokatry ny fo feno fitiavana no entinay mamerina indray ny fiarahabàna mitafotafo sy firariantsoa, fahombiazana ary fahasoavana ho an'ny Malagasy rehetra tsy vaky volo, tsy misy anavahana.

Ny sandry maherin'Ilay Tsitoha anie hivimbina sy hitantana lalandava ity Firenentsika malalantsika ity!

Dia ho ela velona i MADAGASIKARA MIRAY, MADAGASIKARA MITRAKA, MADAGASIKARA MANDROSO, MADAGASIKARA TSY MANDOHALIKA !

Misaotra Tompokolahy, mankasitraka Tompokovavy !